

**RAMATOA MIALY R. RAJOELINA**

***Kabary nadika an-tsoratra, nataony ny 25 Novambra 2021, andro izay fanamarihana ny Andro iraisam-pirenena hiadiana amin’ny herisetra mahazo ny Vehivavy.***

« Daty manan-danja amintsika vehivavy izany, izay hanehoana ny firaisankiana. Noho izany dia mahatsiaro manokana an’ireo andriambavilanitra rehetra manerana ny Nosy, izay iharan’ny herisetra, miaina ao anatin’ny fijaliana sy ny hirifiry, ny tenako. Fa indrindra ireo vehivavy izay miharitra ny mafy ho fiarovana ny zanany, ireo izay tsy sahy miteny, maneho ny fijaliana izay mianjady aminy. Tsy hitsahatra aho ny hiahy, ny hiaro, sy ny hitondra teny an’ireo vehivavy izay iharan’ny herisetra.

Hita ankehitriny fa mbola mahazo vahana ny herisetra na amin’ny fihetsika, na amin’ny fiteny, ka tsy maintsy iadiana sy atrehina isan’andro izany. Fantatsika fa zavatra iainana eny anivon’ny tokantrano maro, eny anivon’ny fiarahamonina ny herisetra izay miseho amin’ny endrika samihafa. Misy ny herisetra ara-nofo toy ny fanolanana, ny herisetra ara-batana toy ny fikasihan-tanana; misy ny herisetra amin’ny fihetsika na amin’ny fiteny, herisetra izay tsy mandratra ivelany fa mamela takaitra toy ny hetraketraka ara-moraly, ny fanambaniana, ny fanitsakitsahina ny mahaolona, ny fanosihosena.

Ho anareo izay mihetraketraka, mikasi-tanana, mamono, manao tsindry hazo lena sy mampijaly vady, mila ovaina ny fomba fisainana, mila mianatra mifampihaino sy mifampiresaka ary indrindra mifanaja satria tsy vahaolana velively ny herisetra fa vao mainka ary miteraka olana hafa.

Maro ireo vehivavy izay tsy sahy miteny, maneho ny fijaliana izay mianjady aminy, ary izay indrindra no nananganana ireo Rafitra, mba hahafahana mihaino, miahy sy manoro lalana azy ireo. Betsaka ireo Fikambanana, ny olom-pirenena manao ezaka mba hanovàna ireo tranga mamohehitra ireo. Ao ihany koa ireo rafi-panjakana sy ireo sampan-draharaha rehetra miara-mientana hamongorana ny herisetra satria ady iombonan'ny rehetra izany ary hankasitrahiko manokana izy ireo.

Maro ireo hetsika natao, fa singaniko manokana amin'izany ny fanohanana ny asan'ny vehivavy izay manosika azy ireo any amin'ny fahavitantena sy fahaleovantena, ary indrindra fa ny fomba fifandraisan'ny lehilahy sy ny vehivavy.

Satria io no fomba tena mandaitra entina manampy azy ireo hanatsarana ny fiainany eo amin'ny tontolo ara-pianakaviana sy ara-tsosialy.

Mifandray tanteraka amin'izany ny lohahevitry ny *"Orange Day"* amin'ny fankalazana amin'ity taona ity, dia ny hoe *«Viavy miavotse, lavitry ny herisetra»*
.

Efa lany ihany koa ny lalàna momba ny ady amin'ny herisetra izay arofanina miaro ireo vehivavy sy tovovavy tsy mba nanana itarainana hatrizay.

Mba hampifanantonana ny rafi-panjakana amin'ireo vehivavy izay niharan'ny herisetra dia misy ny tetikasa vaovao ho apetraka izay iarahana amin'ny Ministeran'ny Fitsarana, hametrahana ireo Tribonaly na "audience foraine" any amin'ireo toerana lavitra sy mitokamonina. Izany dia mba hanafainganana ny fitsarana an'ireo izay mpanao herisetra ka aoka mba tsy hilefitra manoloana ny tsy rariny ny Fitsarana.

Ny faniriako dia tsy andro fankalazana fotsiny ny andro anio, fa hanao ny ezaka rehetra isika hamongorana ny herisetra isan'andro isan'andro ».